

Écoutons la jeunesse du pays et inventons l'avenir

Les événements des derniers jours marquent un tournant pour Madagascar.

➡ Dans ce contexte, INDRI exprime sa solidarité avec la jeunesse, les étudiants, la société civile et tous ceux qui demandent de manière pacifique de véritables changements pour le pays. Nos pensées vont aux victimes de ces jours de soulèvement, ainsi qu'à tous ceux qui souffrent.

➡ Madagascar peut être fier de sa jeunesse, qui manifeste avec énergie, courage et dignité. Loin de ceux qui ont profité des derniers jours pour piller, détruire et vandaliser, cette jeunesse est source d'espoir et d'inspiration.

➡ INDRI soutient ses demandes. L'accès à l'eau et à l'électricité. L'arrêt des intimidations, de la violence policière et de la répression. La fin de la corruption. Et un changement radical dans les pratiques politiques et la gouvernance.

➡ Cette mobilisation sans précédent est une grande opportunité. La dissolution du gouvernement doit être le prélude à une refondation démocratique plus inclusive. Nous sommes profondément convaincus que Madagascar dispose de toutes les ressources naturelles, humaines et intellectuelles pour réussir, mais il faut un véritable changement de culture politique. Quel que soit le gouvernement à venir, il doit s'ouvrir à l'intelligence collective, et inclure la jeunesse, la société civile et le secteur privé dans la co-construction du pays.

➡ Le défi est immense. Madagascar affronte trois grandes crises : sociale, économique et écologique qui sont profondément liées les unes aux autres. Ainsi la pénurie d'eau et d'électricité est en partie une crise écologique : le recul des forêts et le changement climatique entraînent une baisse de la ressource en eau, ce qui affecte aussi la production d'énergie hydroélectrique. A l'heure où 80% de la population vit dans la pauvreté, Madagascar a donc besoin d'une croissance inclusive et écologique qui redonne au pays un élan et de l'espoir.

➡ INDRI a toujours promu la liberté d'expression, la transparence, les processus inclusifs et la capacité de Madagascar à réussir par ses propres forces. Dans cette période, nous souhaitons intensifier notre travail avec tous nos partenaires, pour identifier et accompagner des propositions solides en faveur notamment de la démocratie participative, la justice environnementale, et une stratégie de croissance économique qui bénéficie à toute la population tout en préservant l'environnement.

➡ En Zambie, à Taïwan et en Corée du Sud, les mouvements de jeunesse ont déjà apporté des changements positifs dans la gouvernance. Le même espoir anime aussi d'autres pays, comme l'Arménie, la Malaisie, le Népal et les Philippines. C'est donc possible.

➡ Pour faire face à tous ces défis, nous appelons chacun à travailler ensemble dès maintenant à des scénarios d'avenir qui soient gagnants pour la jeunesse et toute la population. Façonnons ensemble le Madagascar de demain, une démocratie ouverte à la diversité des opinions, des avis et des contributions !

3 octobre 2025

(Teny malagasy : <https://tinyurl.com/msanya4z>)

🇲🇵 Ndao hihaino ny tanora eto amin'ny firenena ary hanorona ny ho avy 🇲🇵

➡ Kihon-dalana ho an'i Madagasikara ny zava-nitranga tao anatin'ny andro vitsivitsy.

➡ Manoloana ny zava-misy dia maneho firaisankina amin'ny tanora, ny mpianatra sy ny fiarahamonim-pirenena ary ireo rehetra mitaky am-pilaminana ny tena fanovana eto Madagasikara ny INDRI. Mahatsiaro koa an'ireo niharam-boina sy ireo rehetra mijaly ao anatin'izao hetsika izao izahay ka miombom-po amin'izy ireo.

➡ Mahazo mirehareha amin'ireo tanorany i Madagasikara, izay maneho ny heviny amin'ny fomba feno herim-po, fahasahiana ary fahamendrehana, manalavitra an'ireo izay nanararotra nandroba sy nanimba. Mitondra loharanom-panantenana sy aingam-panahy ho an'ny firenena izany.

➡ Manohana ny fitakian'izy ireo ny INDRI. Fahafahana misitraka rano sy herinaratra tsy an-kiato. Fampitsaharana ny fandrahonana, ny famoretana ary ny fampiasana herisetra ataon'ny mpitandro filaminana. Fanafoanana ny kolikoly. Ary fiovana am-pototra ny fomba fanao politika sy fitantanana.

➡ Manokatra varavana vaovao ity hetsika tsy manam-paharoa ity. Ny fialan'ny governemanta dia tokony ho santatry ny fanavaozana demokratika, isian'ny fifampidinihina sy fifampierana bebe kokoa. Matoky izahay fa manana ny loharanon-karena ara-boajanahary, ny olombelona ary ny haren-tsaina hahombiazany i Madagasikara, saingy mila fiovana lehibe eo amin'ny kolontsaina ara-politika izany. N'iza n'iza ny governemanta hipetraka eo, dia tokony hanoka-baravarana amin'ny faharanitan-tsaina iombonana (intelligence collective), ny fandraisan'anjara ny tanora, ny fiarahamonim-pirenena sy ny sehatra tsy miankina izy io, mba hiara-hanarina ny firenena.

➡ Goavana ny fanamby. Misedra krizy miendrika telo i Madagasikara amin'izao fotoana izao, krizy izay mifamatotra sy mifameno : ara-sosialy, ara-toekarena sy ara-tontolo-iainana. Ohatra iray anatin'izany ny tsy fahampian-drano sy herinaratra izay mifototra amin'ny am-pahany amin'ny krizy ekolojika : mitarika tsy fahampian'ny loharanon-drano ny fihenany ala sy ny fiovan'ny toetr'andro ; izany dia misy fiantraikany amin'ny herinaratra vokarina amin'ny alalan'ny tohadrano. Raha miaina ao anatin'ny fahantrana ny valopolo isan-jaton'ny mponina eto Madagasikara, dia mila fihariana maitso sady mampitambatra isika, hanome hery sy fanantenana indray ny firenena.

➡ Hatrany am-piandohany, ny INDRI dia nanandratra avo ny fahalalahana maneho hevitra, ny mangarahara, ny fomba-fiasa mampandray anjara ary ny fahafahan'i Madagasikara hahomby amin'ny heriny manokana. Amin'izao vanim-potoana diavina izao, mikasa hampitombo ny ezaka miaraka amin'ireo mpiaramiombon'antoka rehetra izahay, mba hahitana soso-kevitra matotra ahafahana miaraka mandroso, indrindra eo amin'ny sehatry ny demokrasia mampandray anjara, ny rariny ara-tontolo iainana (justice environnementale) ary ny fametrahana paikady fampivoarana ara-toekarena hahasoa ny vahoaka manontolo sady hiaro ny tontolo iainana.

➡ Efa nisy tany Zambia, Taiwan ary Korea Atsimo ny hetsika nataon'ny tanora izay nitondra fiovana tsara teo amin'ny fitantanana. Fanantenana sahala amin'izany no hita koa eny amin'ny firenena hafa, toa an'i Armenia, Malezia, Nepal ary Filipina. Midika izany fa afaka tanterahina ny fanovana.

➡ Mba hiatrehana ireo fanamby rehetra ireo, miantso ny rehetra dieny izao izahay mba hiara-handinika ny lalan-kizorana hahasoa ny tanora sy ny vahoaka manontolo. Aoka isika hiara-hamolavola ny Madagasikara rahampitso, demokrasia tena misokatra amin'ny fahasamihafan'ny hevitra, ny fanehoan-kevitra ary ny fomba fandraisana anjara!

3 oktobra 2025

(Lire en français : <https://tinyurl.com/2r8xvm6w>)